# Ilay Voa Tsara Nafafy 15 Jolay 2018

# 15 Alahady
jolay

**Satria misy vavolombelona maro be toy izany manodidina antsika ... dia aoka isika ... hihazakazaka amin'ny faharetana amin'izao fihazakazahana filokana napetraka eo anoloantsika izao, mijery an'i Jesosy, Tompon'ny finoantsika ... Izay naharitra ny hazofijaliana, fa tsy nitandro henatra ... ka dia efa mipetraka eo amin'ny ankavanan'ny sezafiandrianan'Andriamanitra.**
Hebreo 12. 1, 2

## Maritiora

Aseho any Roma (renivohitr'i Italia), eo akaikin'ilay toerana antsoina hoe Forum, ny sisa tavela tamina tranomaizina nametrahana ireo gadran'ny amperora, talohan'ny hamonoana azy ireny. Mbola hita ao ny sombin'ny rojo vy namatorana azy ireny teo amina andry vy. Ho ana kristiana maro dia io tranomaizina io no dingana farany talohan'ny hitsaharan'izy ireny eo anilan'i Jesosy.

Natolotr'izy ireny ny ainy, noho ny fitiavany ny Mpamonjiny sy Tompony. Fa Jesosy kosa efa tia azy ireo taloha : „Isika tia, satria Izy efa tia antsika taloha" (1 Jaona 4. 19). Nanolotra ny ainy ho antsika Jesosy, fony mbola mpanota sy ratsy fanahy isika. Nijaly ireo mpino ireo tany an-tranomaizina, teny an-kianja fampisehoana, teo ambony kitay fandorana, saingy tsy nizaka intsony ny vesatry ny ota nampahory ny fieritreretany, satria efa nanonitra io ota io ny Mpamonjy azy ireo. Ny fahatsapana ny fankasitrahan'ny Tompony no nanohana azy ireo. Hitan'izy ireo sahady ny fiarahana aminy, eo am-piandrasana ny fanjakany eto antany, izay handohalihan'ny lohalika rehetra eo anatrehany.

Maritiora izy ireo, fa Jesosy kosa no Mpamonjy. Mpianatra izy ireo, fa Jesosy kosa no Mpampianatra. Ireo lehilahy sy vehivavin'ny finoana ireo dia vavolombelona, taorianan'i Jesosy, Ilay Vavolombelona lehibe sy lavorary. Jesosy dia Andriamanitra, ary Izy, Ilay Marina, dia niaritra ny fampijalijaliana maritiora. Fa nandritra ireo ora telo maizina teo amin'ny hazofijaliana, dia mbola niaretany koa ny fahatezeran'Andriamanitra sy ny famaizana noho ny fahotantsika. Ny sorona ho fanavotana nataony no saran'ny naniratsirana an'Adriamanitra tamin'ny fahotan'ny olona meloka. Hajaintsika fatratra ireny olona mahatoky novonoina tamin'ny fotoana rehetra ireny, kanefa Ilay hany mendrika ny fitsaohana ihany no itsaohantsika, dia Jesosy, Ilay Zanak'Andrin'Andriamanitra Izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao.